

Fandraisana anjara miaraka ho fanatsarana ny karazana Apemba sy Bajiry

# Famantarana ireo maso-tsivana rehefa hanao fanombanana karazana doria ny mpamboly

© vomBrocke

**Jerena amin'ity fanombanana ity ireo karazana bajiry marobe izay manana toetra isankarazany(oh.>10). Amin'ity fanombanana ity, dia tokony hifantoka amin'ireo maso-tsivana voafantina sy voafaritr'ireo mpamboly. Mba hamantarana izay laharam-pahamehana ary hamaritana ireo fepetra hitiavana karazana doria iray, dia toy izao manaraka izao ny dingana arahina amin'izany:**



**1. Ampahatsiahivo ireo fepetra ilaina sy olana amin'ny voly tiana atao ary koa ny tanjona endrasana amin'ilay andrana.**



**2. Manaova fitsidihina voalohany ny andrana rehetra ka mila ambara tsara ny daty nambolena , ny asa fikarakarana rehetra natao ary ny tsy fanjarin'ny toetrandro na fisian'ny aretina na biby mahazo ny voly.**



**3. Entanina ny fifanakalozan-kevitra amin'ny fahasamihafana hita eo amin'ny tanimboly rehetra sy izay karazana bajiry hita ao amin'ny andrana.**

**Mba ahamora ity adi-hevitra ity dia tsara raha apetraka ireto fanontanina ireto :**

- Inona ny mahasamihafa ireo karazana bajiry hita ao amin'ny andrana ? Mety ho tombony ve sa horatsy ilay fahasamihafana voamarika ?
- Ary ireo karazana bajiry vaovao ve mamaly ireo fepetra takiana sy olana misy ? Misy ny sasany amin'ireo karazana ireo ve mamaly kokoa izany noho ny hafa? Fa manina ary ahoana ny ahafantarantsika izany ?
- Inona ny mahasamihafa ny karazana bajiry vaovao sy ireo zanatany? Mety ho tombony ve sa horatsy ilay fahasamihafana hita ?



**4. Ataovy lisitra iray ireo masotsivana na fepetra napetraky ny vondrona ary lazao ny mahazava-dehibe azy ireo amin'ny mpamboly.**



**5. Safidio izay fepetra na maso-tsivana 3 hatramin'ny 4 fa tena hita fa manandanja tamin'ny adihevitra.**
NB: Safidina mba fepetra na masotsivana azo antoka fa azo hanaovana fanombanana eny antsaha Ohatra: fahafahana mizaka ireo fiovaovana isankarazany izao tena manandanja fa sarotra ny mijery azy eny an-tsaha.



**6. Ampirisihana ny mpamboly mba hamaritra tsara ny dikan'ny fepetra tsirairay nomeny:toy ahoana ny itiavany azy ary rehefa ahoana no atao hoe «tsara» na «ratsy» ?**

**Mba hanamora ny fifampizarana, dia azo atao ny maneho na manapaka salohy iray ao amin'ny valatahalaka izay mety ahitana na tsia ireo fepetra tediavina.**

- Ato amin'ity tabilao ity zao misy fampiharana kely mba ahafahana manome isa ny maso-tsivana tsirairay arakaraky ny fitiavana azy :

| Karazana maso-tsivana | Famaritan'ny mpamboly | Salanisa omena 1 hatramin'ny 4 | Haavon'ny fankafizana |
|---|---|---|---|
| **Sakelika** | Isan'ny sakelika mitondra salohy | 1 = sakelika iray<br>4 = Maro sakelika | Tsara noho ny karazana misy eo an-toerana |
| **Kalitaon'ny voa** | Voany lehibe sady mafy ka mety ho mora ny famafazana ary tsy lanin'ny vorona ; fotsy ny voany ary betsaka rehefa totoina | 1 = ratsy (tsy ilaina)<br>4 = tena tsara | Tsara noho ny karazana misy eo an-toerana |

photos © vomBrocke